Anakova mafy loha RAMASOANDRO. Mbola velona RAMAKARARO rainy diaefa nanorina fanjakana kely tao akaikin'ny ranon'i Matitanana izy.

Maro ny zaza natera-dRAMASOANDRO, fa nisy anankiray tena mafy toto koa dia ilay atao hoe RAVATOMANEHINILA na VASIAFOTSY na ANDRIANDOHALIKOSY.

Mbola natanjaka rainy diaefa namoriany tafika sy niakarany ny vohitra nisy azy. Tsy faly tamin'ny nataony ireo iray tam-po taminy, ka dia nitambatra izy ireo nangorona an-dRAVATOMANEHINILA. Resy ilay io dia niala, nefy tsy nihataka lavitra fa mbola nahatrafarina fanjakana kely tao Iaborano-Imoro. Mbola nenjehin'ireo iray tam-po taminy anefa izy ka tsy tamana tao.

Dia nanatona ny Anakara izy mba hilaza sy hanondro izay toerana mety hanjakany. "Any andrefana any, hoy ny Anakara, dia misy vohitra avo. Amin'izany vohitra izany hianao vao hiarina sy hanorim-panjakana ka halaza sy ho re eran'ny vazan-tany efatra".

Niongaka omban-bady anan-janaka i VASLAFOTSY narahin'ireo Antemoro Tsimaïto sy Anakara sy ireo havany ary ny tandapa tsy mahafoz azy.

Anisan'ireo Antemoro Tsimaïto sy Anakara tamin'izay i HAMBAMENAMASO ary i TSIVALAKA, izay re laza taty aorina.

Tsy voatonon'ireo Anakara ny anaran'ilay vohitra malaza hataon-dRAVATOMANEHINILA voenana, ka izay vohitra tojo teny an-dalana dia niakanana avokoa.

Maro ny vohitra efa notetezina tao amaty ala ao, nefa horaisin-tsika hatreо Ambondrombe. "Tsy tamana eto aho, hoy i VASIAFOTSY, fa ratsy ity vohitra ity, fa mbola maha-tazana ny setrok'afon'Imoro eto". Dia niova anarana hoe Iratsy Ambondrombe.

Rehefa nandeha niankandrefana, ka nahita ilay vohitra avo atao hoe Ankaranila, dia niantsoantso ny hova : "Vohitra avo iry andrefana iry ka io no honenana fa ny avo no malaza". Dia raikitra ny anarany hoe Avomalaza.

Nefa alohan'ny hiakarana an'i Avomalaza, hoy ny Anakara, dia hamono omby hitata ny vato (hanandrana ny vato). Ka ilay vato notondrahana ny rd hitatana dia nantsoina hoe : Vatomitata.

Tsy naharitra ny fipetrahana teo Avomalaza fa manenton-draratra, ka noheverin-dRAVATOMANEHINILA fa ny setrok'afy avy any aminy no tonga aty. Nilaza tamin'ny olona izy fa misy vohitra rakotr'ala maitso tazany ao avaratra-andrefana.

Dia natao anaran'ilay vohitra ny hoe Ialatsara.

"Vohitra indray iry andrefana iry, hoy ny hova RAVATOMANEHINILA, io angamba no ilay tandra voasikidin'ny Tsimaïto fa hia-rentsika".

Songoamana no anaran'ilay vohitra tamin'izay. Ary tao no narary Ikalavao mpanompon-dRAVATOMANEHINILA izay tena tiany tokoa. Nisy hidihidy naniry ny tenany rehetra, ka dia voalaza hoe boka ary dia voantery hatoka-monina fa ndrao mamindra aretina anin'ny vahoaka.

Tsy ampy indroa andro anefa dia sitrana Ikalavao ka niverina tary an-toby, ary saly ny hova catria "tsa boka" Ikalavao. Ka izay toerana nahasitrana soa aman-tsara azy no natao hoe Antsaboka, izay raikitra ankehitriny.

Nony ela dia manimanina indray an'Imoro ny hova fa nahatazana ny setro. 'afy avy any amin'ny toerana nilatsahan'ny tavoniny eo Songoamaina.

~ "Ndeha ary, hoy ny Tsimaito, hisindra amin'iry vohitsa atsimo iry fi io mba ambany toerana ka tsy hahatazana loatra ny setrok'afy avy any imoro".

Nekera ny venin'ny Onasina ki vetivety dia nofehezina ny entana. Efa tanàru tec anefa ny olona ... Any ka sarotra ny fiaingàn'ny vahoaka. Io no nahatesitra ny hova ka nitenenany mafy hoe : "Ily any ar-diagno mba are fa aho efa mixng a fandia". Io teny amin-katezerara natcon'ny hova RAVATOMANEHINILA io no nanjary nahafaty ny anoran'ny vohitra Songoamaina ka niantsoana azy hoe Andranoniaru ankehitriny.

Taloha ny raha tongavana tery Ambohidéhibe anefa, dia nandry indroa alina tao Mamonianbe.

"Vohitsa iintorgana ihy ko tsy nampisondrotra andro ny hova ka dia njeha kiakatra eny Ambohidéhibe mihitsy, moa sa akory va ny hevitrao ny hova ?".

~ Hianuro no ilako era ka izay tapakareo, hoy ny hova.

~ Raha tukika anay dia tsara ny miala eto ka ndeha ho eny Ambohidéhibe.

Ilay vohitra Mamoniambe izay nilan'ny hova era tamin'ny Anakara dia novana indray hoe : Ilakoera, izay raikitra ankehitriny hoe : Ickoera.

Farany, dia tonga tao Ambohidéhibe ny hova RAVATOMANEHINILA sy ny olona naraka azy. Anisan'ny vohitra avo ato Betsileo izy io. Ny tendrony antony aza dia nomena anarana hoe : Tsitongakijoa, noho ny hahavony.

Efa nisy mponina tamin'io vohitra io tamin'izay. "Tranovondro" no anaran'ny foko teo. Dia nisakana an'dRAVATOMANEHINILA sy ny vahoakany ireo Tranovondro ireo, mba tsy hanorim-ponenana eo Ambohidehibe.

- Anay ny tany fa agnay no tonga teto taloha hoy ny Tranovondro.
- Izay mahery tompon'ny tany, hoy ny hova RAVATOMANEHINILA.

Rafitra tokoa ny ady, kanjo cendra ny be no vitsay sy ny tolonna tsy omby tratra ireo Tranovondro ireo, ka vaky nandositra.

Faly ny hova fa tiany ilay vohitra ka dia nilaza izy fa tsy mba hiala eo intsony. Ireo Tsimaito koa dia nampanangona ahitra maitso sy apanga be dia be ka norehetany afo. Nijoro nahitsay ny setroka ka nanerinerina.

- Fambara soa ! Fambara tsara itoy, hoy izy rehetra fa heity setroka fa manerinerina. Ary dia raikitra hoe Anerinerina ny anaran'Ambohidehibe.

Iehibe ireo zana-dRAVETOMANEHINILA valo mianadahy ka hilanona eo Anerinerina izy, sady hizarazara ny toerana handrefesan'izy ireo tsirairay avy.

Noraofina avokoa izy omby hita niraoka ahitra teny manodidina. Feno hika ilay fahitra ngeza namboarina toy ny volatsinana. Dia nitsoka anarana ny hova.

- Masina raikobe. Velona ny andronao fa manana ny valo mianadahy hoanao ; koa hianao RAVATOMANEHINILA dia atao hoe : RAVELONANDRO.

Dia nentina teo amin'ny tendron'ny vohitra avo indrindra ny valo mianadahy.

- Androany no andro voatondron'i Tsimaito, koa dia namory anareo vahoaka aho hizara amin'ireo zanako valo mianadahy ny toerana izay hadrefesany. Ity toerana itsanganako ity dia hatao hoe : Nizarana.

- RATONGAVAO -

(Fianarantsoa)

- 31 octobre 1978 -

NY HOVA SY NY TOERANA  
NISY AZY TEO ALOHA

1°/ - AO AN-TANANA :

Ny lapa na ny tranon'ny Hova dia ampovoan'ny tanana.  
Avoavo ny azy ny tokotaniny. Andohakianja no anaran'ny toerana  
misy ny lapa ...

Eo an-kianja toerana malalaka ao afovian'ny tanana no  
fanakiana kabary ... sy fanaovan-tsalamanga sy filanonana sy  
fampiariana ny fatin'ny Hova sy isay atao hoe : faty mahazo  
kianja ...

Ny Hova dia saiky mampirafy daholo ary maromaro ny an'ny  
sasany, ka ny tranon'ireo vadimasay ireo dia tsy mba lapa fa atao  
hoe arikianja, ary izy ireo dia atao hoe Andriambaviarikianja, ary  
raha andevo ny vadikelin'ny Hova dia atao hoe Ahanganga, ary ny tra-  
nony dia tsy mba atao manamorona ny kianja fa any ivelambelany ...

2°/ - NY ZANAK'ANDRIANA :

Ny fitaizana ny zanak'Andriana kosa dia toy izao :  
Rehefa teraka ny Andriambavy dia anendrena olona hitaisa ny zaza,  
dia olona mpivady sady tsara toeatra no saloma, no soa tanindrazana ...

Mba ho fanamasinana ireo olona, sy fanalâna ahiahy tsy  
hamosavy ny zanak'Andriana, dia tsy maintsy "mihihy hazomanga" sy  
"misotro ranovola" (mianiana) ...

3°/ - NY ANAPANKOVA :

Araka ny maha-Hova azy dia tsy maintsy ambony lavitra sy  
mamirapipatra satratra ny azy ny anarana araka ny firazanana.

Ireto no marika mora ahafantarana ny anaran-kova :

- a) - Arivo : - RANDRIAMANARIVO  
- RAMITSIRIARIVO  
- RAMPIZAFINARIVO
- b) - Alina : - ANDRIAMANALINA  
- RAONIMANALINA  
- RATSARAOMPANALINA  
- RAVOLAMANALINA
- c) - Masoandro : - RAONIMASOANDRO  
- RAZANAMASOANDRO  
- RAVELOMASOANDRO
- e) - Volamena : - ANDRIAMBOLAMENA  
- RAZANABOLAMENA
- f) - Voahangy : - RAZANAROAHANGY
- g) - Vololona : - RAONIVOLOLONA
- H) - Vahoaka : - RAMAROVAVHOAKA
- i) - Antara : - ANDRIANANTARA
- j) - Arinony : - RALAIARINONY
- k) - Manarana : - RAMANARANA

4°/ - NY HOVA :

Ny Hova (na mpanjaka) dia misy izay atao hoe mandrefy na misahana fitondrana mavesatra ary misy izay loloha na olona entina.

Ireto ny anaran-javatra sasany momba ny Hova :

<u>VAHOAKA</u> :	<u>HOVA</u> :
- Antitra .....	Masina
- Fasana .....	Tranomena
- Faty : - lehibe .....	Hasahiranana
- Zaza .....	Volafolaka

-- Mandevina .....	Magniritsa
-- Marary .....	Manaranara
-- Maty - Olon-dehibe ...	Very
-- Zaza .....	Folaka

Ny fitenenana atao ho enti-manaja sy mankasitraka azy  
dia ny hoe : "Masina ny Hova, ko mahazoanono ny zanagne".

Atao hoe Romanga ... ny olona rehetra voatokana hian-  
draikitra zava-tsarotra momba ny Hova toy ny mpisolo azy raha  
atao salamanga, sy mpamboatra ny fatiny amin'ny fandevenana ...

- RAINIHIFINA -

(Mahasoabe/Fianarantsoa)

LOVANTSAINA-Boky II, Fomba Betsileo

- 17/19 octobre 1978 -

TONON' ISA MITANTARA  
NY FATIN' NY HOVA RAZANAKANIVOLA  
(Ankaritsananana)

Mandehana Rakatrakatrak'oraiła  
Mandehana Radian'oram-baratsa  
Hilatsaka aii'Ankaratsanda  
Hilatsaka aie Lihovoře  
Handeria aie Mahiatrandraka  
Handeria aii'Ambaravarambohitsa  
Hařenjařia aie Mandiamody  
Rihivoka aii'Ambalamahavola ...  
Teinomatiy Razafitsiafajato-Andriandrofiainitany  
Sy Abanihaovan'Ankaretsanaiana  
Itoy e Rateimietitradraha  
Fa maty koa i Zanakanivola  
Faty malala io roa-Vohibato  
Tsa hay novangena ko tsa haza vinidy.

\*

\* \*

Ny raha maiřia manam-pika  
Ny raha mitsiry misy tořone  
Ny raha vaky manan-tany  
Ko ny mate famoe amin-tane

\*

\* \*

Fairo Ankaretsanaina  
Haitohe an'i Tsiafakiniosa  
Añ'amin'Andriandrofiañinitane  
Hasiana an'i Mavo-Zanakanivola.  
Say nirotsaka Ankaretsanaina  
Ny tamim-pangady tamim-pangady  
Ny tamin-dangeza tamin-dangeza  
Say ny hady ho famotoñ'ohe  
Ny olo zendaña ny vasia-nifindra  
Eko trotraka ny tane taiñ'ambone  
Nihaotia ny viftatin-kady  
Trany ao Ratsimahaimilefa  
Mate aby ny olo fitolahy  
Eko ny koka ro nilevolevo  
Taitsa hatraie Midongy  
Tonga hatraie Vatovandaña.

\*

\* \*

Aia ro Zanak'Ampano  
Aia Ambatosoa, aia Lalangiña  
Ro zaza naterak'i Somaina  
Vinañitsareana amin'i Vohihambaña  
Ro-Andrainjato sy Marchotsike  
Ro tapak'i Mañeva sy Marovahona  
Roaolom-boatendry añ'ambonin'Antsominda  
Aia rieo tafik'Ingahimena.  
Dia hoe Andriandrofiañinitany :  
Ny tsy hitsikitsika mpizene  
Ny voroña mpiwoan-dity  
Ny olombelona mpizoane  
Fairo aho itoy dia sara-draha

Ampaitlao Rasamisoaralaza  
Marahy ari'Ankose, alle Fonefantsiedehina  
Engao hatarie Andriatsimangidy  
Tompon'Ampano sy Mahatsanda  
Fa itoy tsa tambo ny bozaka handitsika  
Eko lake ny volomaso ko hifotitsa  
Tsa tambo i Zanakanivola  
Ko Tsiafahiniosa handany olo koa  
Aho roa matahotsa ny didim-panjakana  
Fa lake ny tendre ko tratsin'ny tane  
Ko fairo ny vola tsa mikirika  
Hatao filazana amin'Ingahimena  
Hitaroniana ari'ambonin'Antsomminda  
Akore ro ambaan'ny didy  
Aia ro andreas'ny lalana  
Fa matahotsa aho Rangahimena.

- RAFARALAHY -

Ilafa/Andranovorivato

- 29 octobre 1978 -

--- 000 ---

## TERAKA NY ANDRIAMBAVY

Rehefa teraka izao ny Andriambavy dia hanotany ny mpitahia izay ny Hova hoe : "Aia izay ro ahitantsika ny olo hitahia 'ty sonatsika toy".

Dia mijery ilay mpitahia ny Hova izay. Dia eo izay ro ilasany hoe : "Agny amin'ny tane ariheka na atatoy. Izay ro alao fa hahatonga ny zaza".

Dia izay ro iboahan'ny hoe : Mpitahia ny Anakova. Olo voatondro ny sikidy manoka io, fa tsa olo alailay foagna. Raha tsy olo hita-sikidy, fa sonatria ny vava tsa mba azo ataoko foagna.

Dia io ro mpitahia ny anakova ambaran-pahalehibe aze. Ka rehefa mahatonga io zaza io ho lehibe ilay mpitahia dia ho sorotantan'y amin'izay.

Dia mampagnalaka ny Fiankinantehy izay ny hova ity olo ity izao dia tsa mba heveriny hoe olo-kafa fa dia atao'ny hova hoe rainy. Satria, ohatsa, ka very ny hova, dia io Fiankinantehy io ro mandray ny fanjakana, mandrapahatongan'ny kova hafa handimby na mbola kely ity zanany 'toy.

Ka io tane asoro ny mpitahia ny anakova io, dia valisoa omena azy. Ka io mpitahia ny anakova izao dia atao hoe Raindraoto na Raindrala, arakaraka ny zaza na lahy na vavy.

- RAMANOELISON Théodore-  
(Vatonaorina/Anjoma)  
- 3 novembre 1978 -

VERY NY HOVA

Vatane vao atao hoe marary ny Hova, izay ataonay aty Betsileo hoe manaranana, dia ilazana ireo olo atao hoe Olompady.

Dia ireo olo ireo ro mariatrika azy eo. Lehefa mate tokoa iay dia io ro magniritsa azy ao. Laky ny trano misy ny Hova, dia ea maha-sahy mitomany ao, laky no olo mariny ny Hova, laky ny Hova namany, letay mahazo alalana taminy. Dia ireo ro mitomany ao.

Dia zarainy roa ny trano. Ny trano misy ny mate dia hafa, itoeran'ny olompady. Dia asiany fefy, ary dia sasaky idira ao. Dia asiany koa trafo efitsa raika ataony hoe Lapa vavatse. Dia agny ro mitomany izay rehetra avy. Agny ro sahala ny hoe trano misy ny mate, fa ny mate dia avela lavitsa.

Ka tamin'ny andro malagasy, ny Hova dia manana ny biby misehe amin'azy. Misy ny Hova manjary fagnany na voay.

Dia io olompady io koa, io ro mamea azy, mangorina an'azy. Ka dia rehefa miboka ny biby, dia ataony anatin'ny vilany madio. Dia io olo io ro mikarakara ny fandevegna. Magnazary azy agny anatin'ny fasa, dia ny tranomenan'ny Hova 'zay.

Rehefa tapy magnazary azy agny izy, dia magnatitsa ny biby amin'ny rano izay hagnaterany azy. Io ro atao hoe : Aritsa.

Ao kosa misy zavatra izay tegna atahoran'ny Hova azy. Tsy azo omea variy fotsy io olo io. Ny olompady izay ! Trafo-kena ro atono ho haniny ao. Na maimbo toa ino ilay fate, dia ao ireo ro misakafo ; agnatera hany sy toaka ary dia tomponina mihitsy tahaka ny manompo vazaha mihitsy aza !

Fa ny Andevohova kosa, igny dia tsa nisy zavatsi hafa, fa agny Ankianja, amin'izay agnefana azy. Igny dia tantaran-drasà no atao azy. Dia ny tantara ny razana niboahany sy ny tany nihaviany.

Lake tso ny Hova, izy dia tsa mba anaova tantaran-drasà toy izany, naky fatatza tokoa tokoa.

Momba ny famonoa ny aomby momba ny Hova dia tsa mba atao tahaka ny any Vohitsa hoe zarazaray isam-poko, fa dia samy mandromotsa. Satria henam-potaka ro atao agnarany. Dia misy mifanjera eo. Misy voafery aza ny sasany, te-hahazo heva ve ko !

Fa ny fandofotsa azy dia tahak'izao : samy mandeha isan-doha-vohitsa ireo Andevohova ireo. Eo ny samy mandoa aomby ; eo ny samy mandoa vola. Satria tsa an'olo-drery ny Hova fa an'ny besinimaro.

Ka na ny fisakafoanan'ny olompady io, na akory lotsiky ny nana ny tagna, dia tsa azo sasa ny tagna, ary dia tsa mandrora.

Rehefa magnazary koa ny fate agny am-pasa, dia andriarana ny Lambany, atao fietsa. Izay ro fomba fisaonana ny hova. Tsa mba anaovà akanjo mainty, fa lamba fotsy.

Rehefa mate ny hova, dia asia lamba dotsy eo ambaravaratra eo. Ny dikany dia hoe resy, satria hoe very ny hova.

Tsa mba iraka na olo ro alefa hitety ny vavasaha, fa dia antsiva ro sofy isaky ny loha-vohitsa. Dia mahilala ny vahoaka fa "very ny hova". Dia vory manintolo ny faritsy ny toera feheziny.

Raha ohatsa koa fa mate ny Andevohova, dia amponga ro velomina eran-tany. Dia mohagny ny hova, miaraka amin'ny tandapa. Koa rehefa mariny tanà, dia mitomatiy ny hova, fa hoe mate ray. Ary ny ranomason'ny hova dia tsa mba atao hoe ranomaso fa atao hoe ranompanilo.

Misy vidiny io ranompanilo io, dia ny ranomason'ny hova izay. Tsa mba fefa mady io, fa misy fidiny ; dia soloa aomby ary dia omea aomby hafa koa ny hova, isay atao hoe hena magnitsa.

- |                     |   |                              |
|---------------------|---|------------------------------|
| - RATARIKONY        | ) |                              |
| - RANDRIANTSOALAZA  | ( |                              |
| - RAZAFIMALAZA      | ) | <u>Iarintsena/Ambalavao</u>  |
| - RANDRIAMALEFAKONY | ( | - <u>10 novembre 1978</u> -- |

C - N.Y. SIZARAH + PARITAUY

LA G. J. MALLER

(La division territoriale du Netsilec)

NY HOVA RAVELONANDRO  
TAO ANTRIMERINA (Vohibe)

Valo mianadahy no zanany ary toy izao avy izy ireo :

1° - RAMA AREVO na Andriamahirivava Jean'a. Izy no niteraka an-dRahorohorontany tao Ambositrimanjaka ...

Nirava ny niafaran'ny fandakana ... Satria ireo taranany dia natao sesitany tany Beza noho ny ditarany.

2° - PANTARA na Andriantara dia nianavaratra nifindrafindra monina izy ... Tao Antsevaka izy dia rahitsa Andriambavirano, Pakala no anarany, io nalain'Andrianantara ho vady ka nomeny anarana hoe Andriambaviantara.

Ny natereru dia Raopponiugnirivo sy Razomasinogne. Ny tany nunjakany natao hoe : i Bango - ny renivohiny dia Malaiarivo s ny vahokany dia i Arivo ary izy dia raza hoe koa Ratomponiarivo.

3° - FINARANA na Rafianarina dia nioraka tamin-drantara nianavaratra tany amoron'i Matsiatra, nefa izi vola misaka ny rano ka nonina tany Tsarafidy vao niverina nianatsime ronorina en'Ambhipo. Ao Lalangina no nanjakany. Ny natura dia Andriantsohariso dicay nataon'ny olona hoe Raheluofo tao Ankarimalaza. Nai sionbelona tao Anjanamarimasy izy noho ny haofotsy be ka nerozona ny taranany lehilany.

4° - RAHALAI HANOPY na Andriamananjafaina tia tao Tsienimparihy ary nipetraka tao Vatoavo.

Izy no niboahon'ny taranany i Andriamanakilagnitsa, rain' Andrianonibe.

5° - RIMAGRELY na Andriamananjafaina dia tany Bura, any Manonga. Ireo ray aman-dreniny dia nidina nanaraka xau tany nitondra omby mena hatao "tafotogna" (odi-fitana) ny tony niniakan'ny zanany.

6°/ - REONY na Reognempagnarivo anaban'isy ireo, dia nianatsimo eny Alananindro ka namatana tao Vohidava. Tao no nanendrena ny olona 2.000 hanorina tanana, ka ny 1.000 tao Vohitrarivo ary ny 1.000 tahi tao Ankarinarivo.

Dia tao Ankarinarivo izy no nonina, ary niteraka an'Andriamanboamana, raind-Raonimana I.

7°/ - RAMATAHIMANA na Andriamatahimana, faralahy, izay natao koa hoe Rafaranarivo, dia nomena an'i Homatrazo, nefo mbola kely ka napetraka tamin'ny anabaviny, solon-dreniny tao Alananindro.

Rehefa mba lehibebe izy dia, "aritsena" no nomen'ny vahoaka azy rahefa namono omby fa tsy mba omeny ny vodihena satria tsy mba tompon-panjakana.

Dia namonjy ny anjara fanjakana efa nomena azy ka nanorina tandna tao Voanjomitohy ary nomeny anarana hoe : Iarintsena.

8°/ - RATSANTSASA na Andrianantsantsa, dia tsy mba voatonona izay ho anjarany teo am-pizarany ny tany. "Dika ny isa", hoy ny mpihaino, fa ny zokiolona no tsy enina anjara.

Natao mpisorona anefa izy ka tsy nomena zaratany afa-tsy ilan-tany kely momba an'i Tsienimparihy izay nomena anaram-pahatsiarovana hoe Isadika, fa dika ny isa ka tonga fitenenana hoe "isadika ro malak'ilan-tane".

Nipetraka tao Vatoavo izy, ary raha mihantona ny andro dia izy no nisorona ao Anerinerina mba hilatsahan'ny orana.

Tsy mba re izay taranany, ary Isadika dia tafatambatra amin'ny anjaratanin'ny Zafimahafanandry.

- RAINIHFINA -

('4ahasoabe/Fianarantsoa)

LOVANTSAINA - Boky I

(Tantara Betsileo)

- 18/19 octobre 1978 -

## TSIENIMPARIHY

Ny ariara atao hoe Tsienimparihy izao dia efa ela io, talohan'ny nahatongavan'ny Rova, zanan-dRaveloriantro avy eny Amerinerina.

Izay olona tonga tamin'izay dia samy nambole tamin'io tane farihy io, ary ao Angavo ao izao ro tena niboahan'io fiteny io.

Nefa nisy avy tafara sy sasany, ka tsa homby ny tane. Dia veloria ny fanditsa, satria nilaza ny hoe : "Samy zanakin'ny teto aby ieika, koa nahoana ny sasany no tsa ho enigna eto".

- Ka ny fahiry hambolena 'toy tery, ka ao agnareo miataha miagna-varatea.

Dia nisy ireo olo sasany no niteitaka ao Andrefa Avaratsa. Nisy koa aza nitrembo, ka roso lavitse, nandeha aniy avaratsa aniy, Itenina, Vohitrafeno ary tonga aniy Mahasoabe aniy. Nitady tane hambele fa tsa mba enim-parihy taty atsimo izay.

Ra dia ny ariaran-tany tatoy afara ro raikitsa ho :

Tsienimparihy.

- RAMANOELISON Théodore -

(Vatomarina/Anjoma)

- 3 novembre 1978 -

## VOHIBATO SY HOMANTSAZO

Ny anaran'ireo faritsa ireo dia efa tafara, tamin'ny fotoa nahatongavan'ny Ambanandro tato Iarindrano, tamin'ny andro nanjakan-Rarivoarindrano tao Vinanirarivo ary tamin'ny fotoa nisian'ny Ambanandro tao Beadambo, tao Pianarantsoa.

Efa nanaiky ny fanjakana merina ny hova Rarivoarindrano ary dia nasainy nanaraka azy koa ireo fanjakana hafa fa ireo havany aby daholo ro mandrefy tamin'ireo tane ireo.

Nisy fizara-ketra natao tamin'izay, ary samy niezaka aby daholo ny faritany rehetra handoa ny anjarany, araky izay vokatea sy harena nisy an-taniana.

Ny tao Tsienimparihy, ao ampovoan-tany, dia nanana ny vary sy ny tenoria lamba landy. Ny tao atsimo, dia i Alalanindro izay, dia mba nanana ny tanimbary midadasika ka vonona amin'ny lava-bary feno vary.

Ny tao atsinanana avaratra (dia ny faritr'i Vohibato ankehitriny izany), dia manana ny alabe ao atsinanana ka sahy mirehareha amin'ny fananany hazo ala marobe sy hazo ala sarobidy, izay lalam-bola maharitsa mandava-taotia.

Ary dia mifaneso na mifagnakary amin'ny vahoaka avy ao andrefana, (dia i Homantsazo ankehitriny), izay tany feno vohitsa sy haram-bato.

Heverin'ny ao atsinanana fa tsy hahaloa ny anjara hetrany ry zareo aty andrefa, nohon'ny taniny feno haram-bato.

Nefaolo miasa koa ny aty andrefa, satria lonaka ihany ny taniny ary dia fambole ambatry sy fiompi aomby no nataon'ny mponina antom-pivelomana. Fa ny aty ankilany, hoy izy ireo, dia ho veloria amin'ny ala ka hihinana hazo angamba mba hivelomany.

Teny fifanesoa toy izany no nahatonga ny atkara ho raikit-tea. Ka ny ao atsimo andrefa maneso ny any atsinanana ho mihinankazo, ka dia teny aneso hoe : Homankazo, ary dia raikitra hoe : Homantsazo.

Toy izany koa ny tao atsinanana izay nandray ny fitemy hoe : vohitsa feno vato, na hoe Vohibato, izay nentiny hanesoana ny ao andrefa atsimo.

Taty aoriana dia raikitsa ho anaran-tany ireo teny ireo, na dia mifamadika aza.

Fomba Betsileo entina hifanesoana ny toy izany na "mifagnakary", ary dia mifamadika toy izany mazana ny anaran-petaka mba ho raikitra tokoa.

- RAHOVALAHY Albert -

(Sahamasy/Ambalavao)

- 7 novembre 1978 -

## ALANANINDRO

Alantanindro dia miolotra amin'i Tsienimparihy ao avaratra, mikasika an'i Romantsazo eo andrefana, mifanindrana amin'i Vohibato ao atsindnana ary faritran'ny vohitra Andringitra izay mifampoeftira amin'i Bara ao atseimo.

Vohimarina, Ankarinarivo, Vohitrarivo, Tsiakarina ary Sendrisoa no antsoina hoe : Alantanindro.

Misara telo toy izao Alantanindro : Manambolo, Onisoa, Alantanindro vatana.

\* \* \*

Ny hova REONY, zana-dRavelonandro tao Anerinerina ro hova nanjaka tamin'io faritsa io.

Dia nisy fomba fanaon'ny teo aloha, na ny mpitondra na ny vahoaka, dia tiany ny nagnazary na nagnafoto, izany hoe hanamasina ilay toerana izany.

Ary tsa nisy zavatsa nampiasaina hafatsy izao, magnalaka ombiasa ka hanao tafoto an'ilay toerana !

Ka tamin'izay fotoa izay dia niteny tamin'ny Andevohova ny hova Réoniy : "Mandehana agnareo, hoy izy ka mitadiavà ombiasa, hagnazary, hagnafoto an'itoy toera 'toy, mba hahatonga antsika hanan-daza".

Tea nisy akory izay ady niseho na re, fa ny ahiahy mo tea fatatea, na ny avy ato na ny avy amin'ny toera-kafa".

Dia nagniraka koa ireo Andevohova ireo, dia ireo olo ambiny fahefany, ka tonga hatragny Bara agny.

Dia agny ary ro nisy ombiasa nalaza atao hoe Rabealania.  
Iray ro agraran'io olo io.

- Agnay, hoy ireo, nirahin'ny hova atoy, hagnega anao, hagnafoto izao tane ao avaratsa ao izao.

Dia nitondra ny fitaovany hatrany ary itoy Rabealania 'toy, ary tonga tao amin'ny hova.

- Aho, hoy ny hova, nampagnalaka anao, hanafoto itoy tane 'toy, ka dia ataovy ary moa ny fanao.

Dia nampitadia izy : akolahy mena, ombilahy mena, ary ireo dia anisan'ny nampiasainy amin'ity hazariny ity hanaovana ny tafton'ny tane.

Dia vita ny fanao ary dia nampandre ny hova Rabealania : "Ao ary, hoy izy, manjakà amin-piadagna ariao ny Hova. Matokisà ariao ary masinà fa tsa misy mampiahiahy ariao koa".

Ary noho io zavatsa io izay manan-kery hatramin'izay dia tsa tiane ho raisin'olo hafa koa Rabealania, ka nampiasa hevi-dratsy ny hova. Ka dia ireto Andevohova ireto indray ro nomany baiko hoe : "Vonoy Rabealania. Asa avela mimpody koa fa nge alain'olo hafa koa, ka nampitovy tafoto amintsika.

Ary dia novonoina tokoa Rabealaña ka nafenina. Ary ao misy fon-drano izay nasiana an'azy, ka io fondrano io izao dia raikitsa ankehitriny hoe : Ampondrano fady.

Taty afara anefa dia lasa eritseritsa ny havan-dRabealaña, fa mandeha ny herinandro, ny volana. Tsa hita nimpody Rabealaña !

Dia nisy nagnaraka hatraity ny havany sy avy eo dia nantany hoe : "Agnay, hoy izy, zenda fa agnareo tatoe nampangalaka an' dRabealaña, kanefa tsa nimpody hatramin'izao. Ka aia Rabealaña ?".

- Tsa hitanay izay tane nalehany, hoy ny tao antanana, fa ny alàñany ro indro.

Ny atao hoe alàñany izao dia ny tamango, tapa-kazo samihafa, izay lazaina amin'ny teny mahasatsa koa hoe sikidy.

Ka dia izay ro nahatonga ny ariaran-tany hoe : Alarianindro, dia avy amin'ny fiteny hoe : ny alàñany ro indro.

Farany, mba hampitony ireto taranany ireto, dia nampariatinha hatraity ny fianakaviany rehetra mba hitoatsa ao. Ary dia nan-jary "tsy maty manota" tumin'io faritsa io ny fokon-dRabealaña, na dia very faty tsa hita popoka itoy ombiasa malaza 'toy.

- RATONGAVAO -

(Talata-Ampano/Fianarantsoa)

- RAHERIMANDIMBY J. Eugène -

(Ambalamandray/Anjoma)

- 16 novembre 1978 -

- LIV -

E - F A H A - T A N Y      A M B A N I A N D R O

(sous l'occupation merina)

## I H A R A N A N Y

Zanakin'ny hova mandidy tao Mahasoabeny rain-dRahala.  
Ka nadin-doha io rain-dRahala io fa tsa mba nety nanambady hova  
tahak'azy, ka dia nanambady vohitsa ary dia tsa naken-drainy. Nef  
tsa nety fa nahery loha.

Ka dia tsa mba hova mpandidy 'zay ny rain-dRahala, satria  
nanambady vohitsa. Ary dia namelo Kosoa ro no nataony.

Ka roalahy io Rahala io ro nateran-drainy. Ka lihy zandriny  
tea mba nampanaoavin-drainy n'inon'inona mihitsy tahaka ny zanaky ny  
hova masina aby. Fa Rahala izay dia manao ny abiaby : fahanana ny  
kisoa dia I, ilaina ny hitay dia I, totoana ny vary dia I.

Dia mignanagnanana isan'andro isan'alina. Dia mandiky  
isaky ny irahine manao raha.

Ndray andro dia no kinipikipiny ny amboan'ny Hova. Dia  
nadiky ny hova ary dia nitrembogna ro no nataony, koa dia roso ny  
anao laky ; niakandrefa, nitady toera-honegnana 'zay.

Sy avy ao ambanay andrefa ao I, sao dia hitreka eo amin'ny  
mpiandry lakana, - fa io laka-fitana efa ela hatramin'ny ela be mi-  
hitsy -, io andrefan'i Mahasoabe io.

Sy hariva ny andro 'zay, dia hody ny mpiandry lakana, fa I  
'zay dia roso niakandrefa hatramy ary avy amin'io rano farihy lehibe  
io, atao hoe Mandraratsy, dia tendriky ny olo hatragnamin'ny hova  
amin'io toera atao hoe Vohinendra io, miremby sakafio ihy ambodivohitsa  
ihy.

Dia lefa, satria natahotsa sao azon'olo, fa raha sahala amin'io mpangalatsa aomby io ny mpangalats'olo taloha. Soa dia nigebo an-drano satria ny andro efa manjenjigna satria efa hariva. Sy avy anaty rano ao 'zay nitsandratsa eo amoro-drano, eo amin'ny fam-pagna eo. Dia ny lohany ro naboaka ary ny ahitsa mandondogna eo alohany eo.

Dia nitadia ny olo nandojotsa ka tsa nahita. Farany dia roso nanohy niakandrefa hatrany, dia avy eo Mitongoa.

Dia sendry ny hova mitongoa eo ambony vato eo, hova nalain'olo handidy io tane io fa tsa tamagna, koa dia mitongoa eo isan'andro fa manigna ro havany any avaratsa any.

Dia mifanotany i roalahy ary dia mifampitantara.

Dia eo izy 'zay ro mandeha hatrany ary dia miakatsa eto amin'itoy tany atao hoe Vohitson toy.

Sy avy eo dia tsa mba nampidirin'olo andraño fa natory ankianja eo. Sy nifoha teo I dia vaky vava : "Mba kianja soa roa itoy fa tsa mba nohanin-draha aho".

Dia raikitsa ny anaran-tane hoe : Kianjasoa.

Ary dia roso teo koa, ary dia hananika itoy vohitsa eto amintsika 'toy, dia Ivohidroa 'zay ; izay ro anaran'itoy vohitsa 'toy taloha.

Nefa dia nandry mady ao an-dalaria, ato ambany avaratsa ato. Zay dia ao Mandriandalaria ao izay, satria tsa navelan'olo nitsaky eo fa mamboly fary ny eo ve ko ! Ka dia voatery nandry mady eo an-dalaria eo.

Dia izay ro na ha latsaka fiteny azy hoe : "Raharaha ny nataon'olo aho roa, fa tany Vohiteoa aho nandry an-kianja, sy avy ato ndraika koa aho nandry an-dalaria".

Sy avy eto Ivohidroa I 'zay dia namata amin'ny tompon'ny vala eto ; dia izay Randriambe sy Randriantsiatolaka. Koa dia nilaza ny diany.

- Avy eto, Aba aho, mitadia tany hipetrahako. Koa dia mba hanigna eto, Aba aho, rehe mba tianareo ny hitoerako eto.

Dia namaly ny teo ambala, nilaza hoe :

- Agnay tsa malaigna ny maro, fa nako izao dianao izao ko mampalahelo anay. Koa mipetraka agnao.

Dia nifampitantara razan'a 'zay, satria io firazagna io raha efa hatramin'ny ela be mihitsy io. Dia nilaza Rahala, nanao hoe : "Ny raiko hoy I hova fa ny reniko vohitsa".

Dia faly ny teo ambala 'zay : "Avy tsa nalaina agnao ka nasesiky ny razan'a. Agnay izao dia Kepoka satria tsa mba manana hova handidy itoy tane 'toy. Ny eto atsinanana eto izao dia efa manana, fa agnay tsa mba manana".

Satria vohitsa roa moa ro eto aminay eto, dia ny eto andrefa eto sy ny roa atsiña roa. Izay ro maha Ivohidroa azy. Izay ro atiarany hatry ny ela, fa itoy hoe Iharanany toy izao dia anara nomena azy taty afara, tamin'ny andron'ny Ambaniandro avy tany Imerina ary fahizay.

- Taloha, raha dia fahasahiragna tokoa rehe tsy mana-kova. Izay tsy mana-kova dia tsa mba manan'a fandidia. Ary dia baboan'olo foaria aby daholo ! 'Zay ro toany taloha ela be.

Dia hoy ary ny olo teo ambala tamin'izay fotoa izay : "Avy tsa nalaina aba agnao, koa dia mipetraka eto aminay eto, hitagna itoy tane 'toy. Tsa mba misy raha mahery tahaka ny ray, fa ny ray ro mahery. Koa hova, aba agnao, ka dia mitoera handidy itoy tane 'toy".

*Dia mitoetsa Rahala. Dia nagnalam-hady. Koa dia niteraka. Ary dia taly tokana ny zaza nateraka. Sao dia handidy amin'izay satria nahazo hery. Dia nanofo igny tany ambany avaratsa igny. Soa dia hazo ro namolahana sy nitatorana igny tane igny, natao tahaka io angady io ; izay nahatonga ny ariaran'io saha ao io hoe : Ambodihazo-votsigna.*

*Dia nanofo amin'izay ary I. "Tahaka ny vohitsa nirerirery aho, hoy I, hatramin'izay, nefà sy isao dia nahazo fandidia. Koa lehe vo hova hafa, ko kova masina tsa rba miakatsa eto amin'itoy tane itoerako 'toy. Ny fitiavan'olo izao ro nahazoako koa ny fandidia. Ko rehe voly ambolena eto, na ino voly ambolena na ino voly ambolena, tsa ikiriana voly ambolena itoy tane 'toy, fa tapam-bolana tsa hanita hanin-kohanina aho vao tonga eto. Koa avelao hihinana ny mandalo, fa fo noana ro hihanany".*

*Koa hatramin'izay dia tsa mba misy miteny lehe misy mila traka amin'iny tane aby daholo iny. Raha hihinana ve I ko fa tsa mba hivaritsa. Fa amin'izao fotoa ankehitriny moa dia efa miova aby lehy raha.*

*Ary ny kisoa, rehe mandalo eto, tsà mba avy ao ambany avaratsa ao no Lavo foaria ary dia mate eo satria jadin'itoy tane 'toy.*

*Dia sy nahavita ny fofotra nataony I, dia nitsoka ariarana hoe "Aho, hoy I, dia Rahalamiraporapory ro agnarako, satria tsa misy tane noraporepoako vao tonga eto amin'itoy tane itoy rho".*

*Izay no hana-Rahalamiraporapory ray, fa ny zanany izao dia nomeny anarany hoe : Randriamasny.*

*Ary ny raibeko tanie taloha ela be tanie izao ro nalain'ny hova Rahalamiraporapory, nataony Mahamasinkova ary dia nataony toy ny zanany naterany mihitsy.*

Fa Ivohidroa atsinana izao dia efa nanana ny hovany taloha. Ary araka ny lovatsofina re izao, dia ry zareo Zafindraraoto izao ro re niorim-poneñana teo hatry ny ela, tafaran'ny olo taloha koa natao hoe Robedia.

Dia mizava roa izao agnay eto : di i agnay Iharanany andrefa ary Iharanany atsinanana.

Ka io izao dia fizaram-paritany hatry ny ela, ambarak'izao fotoa izao. Fa ny ao atsinanana izao dia maty popoka ny tantarany hatramin'ny nahazoond-Radama azy tamin'izay. Satria may ny tanana ary tapitsa nilefa aniy atsinana levitsa daholo ny olo teo, ka tsa nisy tavela amin'itoy tane manodidina itoy.

Ka tamin'ny andro nihavian'i Ilay Dama, dia nitsatoka teo Fianara teo I aloha ; dia avy eo vao nagnorika atoy, ka hanafika ireo vohitsa Ivohidroa atsinanana roa, satria tao ro nitobian'ny tafika taty atsimon'ny Matsiatra.

Dia tra mba namata teo ny miaramilan'Ilay Dama, satria sarotsa ny fidirana tao ary lozoka tery ao andrefa sy aty avaratsa ro lala fidirana tao. Ary io dia ambena mihitsy, na andro na alina.

Dia teo atsinanana eo, eroa amin'ny vato tokaria atsinanana roa ro nitocrana Radama. Dia io izao ro rekitsa agnarana hoe : AmbatondRadama.

Dia avy aty atsinanana ro nomban'ny miaramilanRadama, ary amin'ny haragna arsy. Agny ro narambavarany lalana, ary amin'ny haragna tsy nampoizina.

Saovy avy tompoka alina ro nidirany, namaneany eo.

Dia ahitsa sy tovovary novoriany eran'ny tane aby daholo io ro nataony niavosa, nagnanihany amin'io haragna atsinanana io.

Saovy 'sy niditsa ny fahavalo, sy alina izao, saovy nisy ampela nilaza tamin'ny olo tao an-tanana izay. Ampela tsa matory fa nampinona ny zanany :

- Tsa mba hitadia lalaña hafa hombany io. Tsa mba hisy lalaña hafa hombany fa haragna aňy fa ateto ro ambeno. Eto ro ambeno, fa eto ro lalaña. Satria eo ve ro misy ny lozoka ko !

Dia izay ary moa no naha-Iharanany an'itoy tane 'toy.

Alîra ro niakarany teo. Saovy tsa mba ny fahavalo ro nagnoro ny tanàna, fa dia I tompon-tanà ro nanao azy. Saovy dia tsinetany afo ny tanà aby daholo.

Dia nilefa ny olo. Saovy dia ny lalina nambenana ro nombana !

May aby daholo ny trano. Nirehitsa ny tsabora fa tagnatin'ny nitoerana teo hoe tsa mba tane nitadiavankanina, fa dia ny aomby ro novonoina ho hanina. Koa raha vondraka moa ny aomby taloha ! Nirehitsa ny menaka be tao aňatin'ny trano.

Lazain'ny raibeko azy ny hoe : "Naky igny Ankondro sy Andranovorivato igny hoe, saovy nazava tamin'ny rano teto Iharanany !".

Dia nilefa ~~mitondra~~ ny ainy ny olo aby daholo. Avy eo izao Radama dia roso agny atsimo agny koa, fa ny teto Iharanany izay dia tane azond-Radama. Satria ny teto Ivohidroa andrefa izao dia tsa mba niady.

Koa dia hatramin'izay dia tsa mba nisy olo nonigna koa tao Ivohidroa atsinanana io. Dia nanjary valamaty ic hatramin'izay !

- RANDRIAMARO -

(Ambalavao-Ambozontany/Fianarantsoa)

- 25/26 Octobre 1978)

## I F A N I V K A

Tamin'ny andron'ANDRIANAMPOINIMERINA dia ny hova RARIVOA-RINDRANO no namjaka tatoy tamin'izay fotoana izay, ary dia saika teo ambany fahefan'ny mpanjaka tanji Imerina.

Ka rehefa nisy fisehon-javatra tamin'izay fa maty RANDRIANAMPOINIMERINA dia nanao fiiasana ary ny tagny fa natsangana RADAMA. Ka ny olo rehetra dia aoka hihity. Izay mon "c'ana sy fiheheza tamin'izay fotoana izay.

Ka ny tato Vohibato indrindra ny tamin'ity faritsa 'toy izay dia nanda tanteraka mihitsy. Satria maro izao ro antony nadavany, araka ny filaza : Tsa hitany io Andriana io araka ny filazany ary tsa fantany izany fa dia hidihidiny fotsiny io ho fanta-teraha ny fanampoa.

Ka dia izao ro teniny : "Agnay hoy I tsa hihy Andrian-tsy hita ka tsa hisaogna Mpanjaka tsa fatatsa".

Dia mbola namerin-teny mandrakariva ihany mba hanata-tarahana ny fanompoa RADAMA, nefy teny tsotra ny valiny hatrany ha-trany. Fandava tanteraka no nataon'ny tato Betsileo Atsimo.

